

BOKY TARIDALANA FAMPIHATRA MOMBA NY FIFEFITENA (AUTISME)



Lahatsoratra : Autisme Fédération Madagascar
Sary : Max RAZAFINDRAINIBE
Mpamoaka ny boky : Editions Jeunes Malgaches

ISBN : 978-2-490272-22-8

© Autisme Fédération Madagascar, 2022

Natonta teto Madagasikara,

dépôt légal N°

TENY MIALOHA

Misy ny zaza miavaka hatrany am-pahaterahana, lavitra amin'izay naminavinan'ny ray aman-dreniny azy ny fihetsik'izy ireny. Miezaka ny mitady fanazavana ny ray aman-dreniny ; hoe inona no iantsoana an'izay mahazo an-janany izay.

Momba ireo fikorontanana vokatry ny dindon'ny fifefitena dia tsy maintsy atao zava-dehibe ny fanampiana ny ray aman-dreny mba hamantarany tsara ireo fambara. Ny fandraisana an-tanana malaky dia manatsara ny fizakan-tenan'ilay zaza. Ny fahafantarana ny mahazo an-janany dia manampy ny ray aman-dreny mba tsy hanamelona-tena.

Dr Vololona Ratsaramandimby
Pédopsychiatre

TAKELAKA

Teny mialoha.....	2
Zava-kendrena amin'ny boky taridalana.....	4
Ny FIFEFITENA indraim-bava.....	5
Fambara fanairana ny amin'ny fifefitena eo amin'ny ankizy.....	6-7-8
Famantarana sy fanamarihana ny fikorontanana vokatry ny dindon'ny Fifefitena	9
1- Ny fifaneraserana	9
2- Fifampitondrana eo anivon'ny fiarahamonina.....	10
3- Ny fihetsika	11
4- Toetra manokan'ny retsipamantarana sy fahatsapana.....	11
Toko 1 : Ahoana ny hiresahana ny momba ny olana eo amin'ny fiseraseran'ny olona mifefitena ?	13
Toko 2 : Ahoana ny hiresahana ny olana eo amin'ny fifampitondrana eo anivon'ny fiarahamonina amin'ny olona mifefitena ?.....	20
1- Mamolaka ny fihetsika.....	22
2- Mamolaka ny fijery	22
3- Mamolaka ny fifantohana iarahana amin'olon-kafa.....	23
4- Mamolaka ny fanononan-teny manara-pitsipika	24
5- Mamolaka ny fihainoana	24
6- Mamolaka ny fifampiresahana	25
7- Mampianatra fihetseham-po	26
8- Mamolaka ny fahaiza-mihaino ara-po, mampivoatra ny rijankevitra momba ny fisainana	29
9- Mamolaka ny lalao an'ohatra/lalao misary	30
Toko 3 : Ireo dingana arahina manoloana ny olana eo amin'ny fihetsika amam-pitondrantena	32
1- Ny taloha	33
2- Fihetsika amam-pitondrantena	33
3- Vokatra	33
4- Fanadihadiana ara-tsinjara asa	34
5- Mihetsika	34
Toko 4 : Ahoana ny hiresahana ny momba ny toetra manokan'ny taovam-pamantarana sy fahatsapana an'ny olona mifefitena ?.....	35
1- Ireo taovam-pamantarana	35
2- Fandrenesana ambony be	36
3- Fandrenesana ambany/Fitadiavana fandrenesana	36
Ireo hetsika fanabeazana, pedagogika ary fanampiana atolotra ho an'ny olona mifefitena	45
Tolokevitra ho an'ny mpampianatra	51
Torohevitra vitsivitsy ho an'ny ray aman-dreny.....	53
IREO OLO-MALAZA VOAN'NY FIFEFITENA.....	56-57

ZAVA-KENDRENA AMIN'NY BOKY TARIDALANA

Ity boky taridalana ity dia miezaka hamondrona an'ireo fahalalana fototra sy torohevitra hanampy an'ireo ray aman-dreny sy/na mpiasa mpitantsoroka mba hamaly tsaratsara kokoa ny zavatra takian'ireo olona mifefitena sy hifehezana kokoa ny toe-java-misy. Ireo fanazavana mora azo sy ireo sary ravaka voalanjanja dia tokony hifanaraka amin'ny toe-java-misy sy ny fahatakarany ilay olona amin'ny fihazonana mandrakariva ny saina tia mamorona eo amin'ny fanatanterahana fanazarana sy fanampiana ara-teknika.

Tsy misy afaka manasitrana olona miaina ao anatin'ny Fikorontanana vokatry ny Dindon'ny Fifefitena, saingy azo atao kosa ny manampy azy hivelatra sy hivoatra :

- amin'ny fanomezana azy fotoana
- amin'ny fanazarana azy miverimberina
- amin'ny fampirisihana sy fankaherezana azy

Misy tolokevitra mety amin'ny sasany fa tsy mety amin'ny hafa ato anatin'ity boky taridalana ity. Manandrà fomba fanao samy hafa mandra-pahitanao izay mety kokoa aminao. Izay mety amin'ny olona iray dia tsy voatery ho mety amin'ny hafa.

Antenainay fa ity boky taridalana ity dia mety ho loharanon-torohay nomen-tombony manokana ary ilaina amina toe-java-misy samy hafa eo amin'ny fiainan'ny olona mifefitena sy ny fianakaviany. Afaka mitondra amina vahaolana azo ampiharina amin'ny filan'izy ireny.

Hatramin'izao aloha dia tsy mbola nahitana vahaolana na fikarakarana pèdagojika na fanabeazana hoentina manala amin'ny fifefitena. Ny fanampiana faobe, voarindra sy voaara-maso ary mitohy no hany azo anampiana ny ray aman-dreny mba hampivoarany ny zanany, sy anampiana ny olona mifefitena hanana hatsaram-piaina.

Ny traikefan'ny ray aman-dreny sy ny fijerin'izy ireo dia tahaka ny taridalana sy loharanon-kevitra ho an'ny ray aman-dreny hafa. Mamporisika anareo izahay hitady fanampiana amin'ny ray aman-dreny hafa, ary anjaranareo indray ny manampy ray aman-dreny hafa eo amin'ny vondrom-piarahamonina misy anareo.

Ny FIFEFITENA indraim-bava...

Ny fifefitena dia fikorontanan'ny fivelaran'ny retsika izay miantraika sy manelingelina ny fiasan'ny atidoha ara-dalàna. Ireo hafatra ampitain'ny retsipamantarana (fahitana, fanambo-loana, fandrenesana, fitsapana ary ny tsiro) dia raisina sy adika amin'ny fomba tsy mahazatra.

Satria miovaova be ireo fambara dia, matetika, ny fiteny hoe fikorontanana vokatry ny dindon'ny fifefitena (FDF) no ampiasaina hilazana izany (Trouble du spectre Autistique).

Ny FDF dia miseho mialoha be eo amin'ny fiainan'ny ankizy ary mitohy hatrany izany na dia efa lehibe aza izy. Tsy aretina natao hiadiana ny fifefitena. Ny olona mifefitena dia samy manana ny tanjany sy ny fahalemeny. Ny sasany dia mety hila fanohanana sy fanampiana misimisy kokoa eo amina sehatra sasany miohatra amin'ny hafa. Tsy misy fitsirihana medikaly hamantarana ny FDF. Raha ny marina, fantarina amin'ny fijerena akaiky ny fisiana andian-toetra miavaka eo amin'ny fivelarana sy ny fihetsika.

Inona daholo ireo antony mahatonga fikorontanana vokatry ny dindon'ny fifefitena (FDF)?

Tsy mbola fantatra mihitsy ny antony mahatonga ny fifefitena. Tsy mbola voasoritry ny siansa mazava izay mety ho antony. Fantatra anefa fa tsy avy amin'ny ray aman-dreny na ny fanabeazana ny ankizy no mahatonga izany , ary inoana koa fa tsy tokana izany antony izany. Ny fikarohana ankehitriny no mitrandraka izay mety ho antony, indrindra avy amin'ny tarazom-pianakaviana sy ny tontolo manodidina.

FAMBARA FANAIRANA NY AMIN'NY FIFEFITENA EO AMIN'NY ANKIZY



Milefa ny fifandraisana eo amin'ny fijery ary te ho irery



Tsy mamaly rehefa antsoina amin'ny anarany/tsy afa-manambara izay tiany



Fahasarotam-pahatongavan'ny torimaso/torimaso



Fidrahodrahoana sy havontsàna



Fitavozavozana amin'ny fikarakarana : fitafiana, fidiovana...



Fahasahiranana manoloana ny fanazarana any an-tsekoly



Fiteny mitavozavoza, fanadinoana ny voambolana efa nananana



Famerimberenana teny na fehezan-teny tsy misy farany



Fisafidifidianana hanina aman-tsakafo



Sahirana raha mipetraka ela, eo am-pisakafoana na any an-tsekoly



Sarotra tonena : hatezerana/tomany/ fihetsehana tafahoatra



Fandehanana amin'ny tendron-drantsan-tongotra

FAMBARA FANAIRANA NY AMIN'NY FIFEFITENA EO AMIN'NY ANKIZY



Manipitsipy tanana, mampidoladola ny vatana ary miodinkodina am-pitoerana



Mitavozavoza fihetsika amin'ny ankapobeny/ mandinika



Kizitina amina fiovana tsy toa inona



Tsy mahay mampiasa kilalao



Manana fahalianana mibahana ao an-tsaina



Tsy mahatsapa ny tandindon-doza

FAMANTARANA SY FANAMARIHANA NY FIKORONTANANA VOKATRY NY DINDON'NY FIFEFITENA (FDF)

Ny fifefitena dia fantarina amin'ny :

- tsy fahatomombanan'ny fifandraisana sy fifampitondrana eo anivon'ny fiarahamonina
- fahalianana mifantoka amin-javatra, fihetsika tsy mifanentana izay mety hiverimberina, ary ireo toetra manokan'ny retsipamantarana

→ Fahataràna na fomba fanao tsy mahazatra nanomboka tany alohan'ny fahatelon'ny taonany

1 Ny fifaneraserana (tsy fahampiana eo amin'ny teny mifandraika amin'ny zava-misy)

- Tsy fisiana na fahataram-pitenenana,
- Zara raha miloa-peo, tsy mipentsompentsona mihintsy na mipentsopentsona zavatra tsy mahazatra
- Tsy afa-miserasera amin'ny alalan'ny teny, fihetsika na fihetsika miteny (fihetsika mibaiko)
- Misy ankizy sasany mahavita mamerina manontolo ny resaka anaty sarimihetsika an'i Disney ohatra fa tsy afa-milaza ny anarany na manao fanehoana raha misy manaintaina azy
- Hasarotana maka tahaka,
- Tsy fahafahana mamaly raha misy olona mikasa ny hifandray aminy (amin'ny alàlan'ny topi-maso, tsiky, feo...),

- Hasarotana hanombo-dresaka na hifampiresaka mihitsy,
- Maneho izay ilainy amin'ny fampiasàna ny tanan'olon-dehibe na izay akaiky azy eo.
- Famerimberenana-teny araka ny fiako mahafinaritra azy (fandikàna ara-peo, fahatakarana voafetra na manokana, famerimberenana-teny).

2) **Fifandraisana ara-piarahamonina**

- Tsy fisiana lalao na tsy milalao firy
- Hasarotana amin'ny fiombohana hilalao miaraka amin'ny ankizy toa azy
- Toa misafidy ny hiolonolona, hanirery na hitoka-monina
- Toa manao be marenina rehefa iresahana
- Zara raha na tena tsy mihontsona amina fifanakalozana atao aminy
- Tsy mahaliana azy ny ankizy hafa, tsy mahatsapa ny fisian'ny hafa ; toa mijery fa tsy mahita ny hafa
- Ohatra ny tsy miraharaha ny tontolo manodidina azy
- Fizarana fahalianana sy fihetseham-po voafetra (tsy fisiana fifamalian'asa)
- Fahasarotana eo amin'ny fahatakarana sy fampiharana ny fomba amam-panao izay mandrindra ny fifandraisana eo amin'ny fiarahamonina.

3) **Ny toetra ama-pihetsika**

Liana amin'ny toetra ama-pihetsika tsy mivelatra, miverimberina sy mitovy foana

- Fihetraketrana-tena na fihetraketrana amin'ny hafa (mampijaly tena : manakatroka loha, manaiki-tena, manongotra ny volony...)
- Mikakakakan'ny hehy na migogogogo mitomany tsy amin'ny antony
- Fiziriziriam-pihetsika na fanoherana fiovana
- Fiahiahiana maharitra amin-javatra sasany
- Asa miverimberina, mifototra amina fahalianana manokana

4) **Toetra manokan'ny retsipamantarana sy fahatsapana**

- Fihetsika tsy mahazatra ny vatana (fidoladolana, fanipatsipazana tanana,...)
- Fikirakirana hafahafa atao amin-javatra (asangodingodina, alahatra, amboloina)
- Tsy firaharaha fanaintainana/hafanana
- Fahasahiranana raha maheno feo na firafi-javatra sasantsasany
- Revo tanteraka amina tara-pahazavana na zavatra mihodinkodina
- Mihiakiaka, minaonaona

- Manano-sarotra mianatra miakatra sy midina tohatra
- Tsy olana aminy kosa ny fanatambolimbolena ny vatana sy fisangodingodinana mafy dia mafy ary fitsambikinana
- Ny fitavozavozana, ny mirona toa hianjera
- Fahasahiranana amin'ny fanidiana sy famohàna bokotra na famatorana sy famahana tadin-kiraro

Araka izany, ilaina ny fiheverana ireo toetra manokana ireo amin'ny fandraisana an-tanana.


TOKO 1

AHOANA NY HIRESAHANA NY MOMBA NY OLANA EO AMIN'NY FISERASERAN'NY OLONA MIFEFITENA ?

Ny hoe miserasera dia mahatakatra sy manao izay hahatakarany hafa izay tian-kambara. Arakaraka ny mamparefo ny lentany serasera no mety hitrangan'ny fihetsika tsy mifanentana.

Fepetra takiana amin'ny teny am-bava

- Atomboka amina **tsilalaom-bava madinidinika sy mitsotsòka (fifaninanana manao ratsy tarehy eo anoloan'ny fitaratra, manao famoronam-peo** mandritra ny lalao (maka tahaka feom-biby, fiara...), mitsoka labozia, ...



- Anehoy **santionana teny tsotra** ilay zaza, araho **fhetsika na sary ny teny** tsirairay (rehefa mamerina an'ilay teny ka mandiso izany ilay zaza, dia **avereno lazaina hatrany** amin'ny fomba marina mba hahatafidirany tsikelikely amin'ilay tena maodely).

Ampifanaraho amin'ny zava-misy ny fomba fifandraisantsika

- Atao lisitra ny lentan'ny voambolana sy fomba fitenin'ilay olona
- Manàna fahafinaretana ! Manana feo mahafinaritra ary mitsikia mandrakariva. Mamorona toe-javatra mandrisika sy mamalifaly izay mitarika azy hiresaka
- Mipetraka **manatrika azy tsara sady mitovy tantana aminy**
- Tariho izy hifantoka amin-javatra mifandraika amin'ny fahalianany (**ny fijerena azy + ny fihainoana azy araka izay azo atao**), asaina mihaino ny torolalana izy, ary raha ilaina, dia averina sy tenenina aminy indray amin'ny fomba mazava kokoa izany
- Amporisihina izy hiteny, haneho hevitra, haka tahaka : tolorana teny izy, anehoana endrika (mampiasa betsaka sady atao mihoa-pampana mihitsy ny fihetsiky ny tarehy)
- Miteny miadana sy mazava, akaro ny lantom-peonao : ny haavompeo sy ny fikorianam-pitenenanao
- **Manàna fomba fiteny mazava, fohy, marina, mifandraika amin'ny hitan'ny maso na tsapain-tanana, voafetra sy miverimberina**
- Tolory fehezanteny fohy na fehezanteny lasitra izy : mampiasa voambolana hainy, ataovy mivoitra izay zava-dehibe
- Lalao ny fehezanteny saro-takarina
- Ampio ilay zaza hijery an-tsary izay ambara aminy mba hahatakarany izay andrasana aminy sy hanaovany fihetsika mifandraika amin'izany.

- Ataovy alavitra azy ny zavatra na kilalao mety ho takiany mba **handrisihana azy hangataka izany.**

- Tsory araka izay azo atao ny torolalana am-bava atao aminy, azo atao ny mampiaraka izany amina toromarika an-tsary, saripika, sora-tsary, zavatra, fihetsika miteny na fihetsika mba hanampiana ny fahatakarany ny teny am-bava.



- Mampiasa teny an-tsoratra araka izay azo atao mba **hampifamenoana izany amin'ny am-bava.**

- Ataovy mazava hatrany ny fanontaniana ary ataovy azo antoka ny fahatakarany azy ; **ataovy izay hampifandrindra ny valinteny amin'ny fihetsika na amin'ny sary.** Raha

mampiasa izany izy mba hahatakarana ny tiany holazaina dia tsy maintsy ambaran'ilay olon-dehibe amin'ny alalan'ny teny ny fangatahany

→ Tolorana valin-teny maro izy

- Mampiasa sary mba hanampy azy hahita an-tsary tranga mifanesy

- Miara-mamerina amin'ilay zaza ny torolalana sy fanazavana nomena ny mpiray lakilasy ka hazavaina tsara aminy fa mahakasika azy koa izany torolalana izany.

- Ankaherezina ilay zaza mba haneho hevitra, mba hampiteny na haneho an-tsary ny zavatra tsapany, ny fihetseham-pony, ny fiheverany mba hialàna amin'ny fahadisoam-panantenana na ny

fanehoan-katezerana na ny tsy fahazoany aina amin'ny alalan'ny krizy na fihetsika mahery setra.

Aza hadinoina ny mankasitraka an'ilay zaza isaka ny misy fiezahany hiteny

IALAO NY :

- **Filomana anatin'ny teny** : ialana ny resaka maro mifangaro sy olona maro miresaka anatina sehatra iray

- fehezanteny miambalambala (tsy mazava loatra) : Tsia ! Avia aty

- Fanontaniana malalaka loatra : afaka mahazo ny laharan-telefaoninao ve aho ? valiny : eny fa tsy omen'ilay anki-zy izany.

- ny sarinteny : Don-takolaka mamibe ny zanako !

- ny fomba fiteny manana heviny

roa, ny fanesoana, ny tsilalaon-teny, ny vazivazy : Tehaka ! Rehefa manjera zavatra ilay ankizy.


- ny fehezanteny amin'ny endrika mandrara mba hanamora ny fahatakarana : aleo lazaina hoe mandehana mora toa izay hoe aza mihazakazaka.

Firosoana amina fampianarana miteny

Ny fandraisana an-tanana aloha raha vao azo atao dia azo ampidirana fotoana **fampianarana miteny**.

Hita tokoa fa ilaina ny **fampianarana miteny** ary feperana mihitsy aza matetika mba hanamorana **ny fampidirana anaty fiarahamonina sy an-tsekoly** ny olona tratry ny FDF iray, na izany tsy miteny, na zara raha miteny, na efa miteny tanteraka.

Mampiasa araka ny filàna fitaovan-tserasera (PECS, Makaton, ABA...)



Mampitohy 	Mamaky 	Mamerina
Manisa 	Mihaino 	Mijery
Manipika 	Manapaka 	Manondro

Ny tena azo tsapain-tanana



Ireo singa tena
mivaingana




Ireo saripika



Ireo sary



Ireo sora-tsary



«Tia hisotro
rano aho»

Ireo teny voasoratra

Ny tena tsy azo tsapain-tanana

Aza kivy fa tohizo foana ny lalanao : mila mamerimberina
imbetsaka.
Ary indrindra indrindra... ataovy toa ny kilalao izany !



AHOANA NY HIRESAHANA NY MOMBA NY OLONA EO AMIN'NY NY FIFAMPITONDRANA EO ANIVON'NY FIARAHAMONINA AMIN'NY OLONA MIFEFITENA ?

Ny fifampitondrana eo anivon'ny fiarahamonina dia « *fifandraisana eo amin'ny samy olona roa fara fahakeliny, avy amin'izany, ny fihetsik'ireo olona ireo dia baikoin'ny fifandanan-kery ifanaovan'ny roa tonta, ka ny isam-batan'olona dia manova ny fihetsika amampitondran-tenany araka ny fihetsiky ny iray* » (Stébé, 2008 : XI)

Koa satria sarotra ho an'ny olona mifefitena ny firesahana, dia tena sarotra ho azy ihany koa ny fifampitondrana eo anivon'ny fiarahamonina, ary lalàna tsy hita maso no mifehy azy ireo ; mety ho vokatr'izany anton-javatra izany no mahatonga an'ireo olona mifefitena hiala amin'ny fifampikasohana amin'ny hafa.

Ny olan'ny mifefitena dia tsy ny tsy fananana faniriana hifampikasokasoka sy hifanerasera, fa ny tsy fahafahana manao izany : vokatry ny tsy fahaizana miara-monina, ny olona mifefitena dia tsy afaka mianatra mifehy ny hetsi-pony (haravoana, tebiteby, haromontana, fahafinaretana...) amin'ny fomba eken'ny fiarahamonina. Noho izany, raha tsy afaka hianatra irery ny fahaizan'ny fiarahamonina ny ankizy tratry ny fifefitena dia anjaran'ny olona matihanina sy ny ray aman-dreny miahzy azy no mampianatra azy izany. Tsy ampy ny hoe ny efa mahay ny fombafomban'ny fiaraha-monina ny olona mifefitena, fa ilaina ihany koa ny fampiasana azy ireny amin'ny toerana sy fotoana ilàna izany miaraka amin'ny olona tokony hanehoana izany. Tsy maintsy mianatra miaina eo amin'ny tontolo manodidina azy ihany koa izy.

- ny fampianarana an-tsekoly, na manao ahoana endriny na manao ahoana : ny sekoly dia toerana tsara ho an'ny fizara-

na amin'ny endriny maro sy fifampitondrana. Ny zotram-pa-nabeazana amin'ny ankapobeny dia ilaina mba hoenti-na manatsara ny fahaizana ananan'ny fiarahamonina. Ny fivoaran'ny fahatakarana sy ny fampiasana ny teny, ambava na tsy am-bava, dia zava-dehibe eo amin'ny seraseram-piarahamonina miaina. Ny fivoahana miaraka amin'ny sekoly, ny fety, ny tsingerintaona nahaterahana sy ny andro anaovan'ny ray aman-dreny fitsidihana na ny fitsidihan'ny olon-kafa dia fotoana manokana hanomezana famporisihina ny ankizy amin'ny fandraisana anjara sy fifampitondrana eo anivon'ny fiarahamonina.

- Ny fampiroboroana ny lahasa maha olom-pirenena, ny fahaiza-miasa sy ny hetsika mampiaty anaty fiarahamonina na manao ahoana na manao ahoana toetran'ilay olona mifefitena
- **Ny paikady antsoina hoe SAS (Sviluppo Abilità Sociali)** dia mikatsaka ny fivoaran'ny fahaizana miara-miaina mampiasa mariônety.



Ny fianaran-javatra dia miainga amin'ny fari-pahalalan'ilay zaza. Miankina amin'ny fari-pahalalany ny vokatra tokony handrasana aminy fa tsy araka ny tena taonany.

IREO FEPETRA TAKIANA AMIN'NY FAHAIZANA MIARA-MONINA

1- Mamolaka ny fihetsika (fampiasana ho an'olon-drery na am-bondrona)

- Fakana tahaka ny fihetsika ankapobeny (manangan-tanana...)
- Fakana tahaka asa miaraka amin-javatra (manofahofa saina...)
- Fakana tahaka fihetsika madinidinika (manainga ankibe...)
- Fakana tahaka fihetsika amin'ny vava (mitsoka...)
- Hirahiran'ankizy arahina fihetsika

2- Mamolaka ny fijery

► **Mijery sary, zavatra : Manondro sary** ; raha ohatra tsy mijery ilay ankizy, pehopoho amin'ny rantsan-tanana ilay sary.

- Tondroy maharitra ilay zavatra raha ilaina mba hijeren'ilay ankizy azy.



ankizy azy.

- Mahazoa antoka fa mifantoka amin'ilay zavatra ny mason'ilay ankizy.

- Mahazoa antoka fa manaraka ny fanondroanao ny mason'ilay ankizy (raha mikisaka ilay zavatra na manondro zavatra maro misesy ianao).

- Taomy haka tahaka anao ilay ankizy.

- Omeo anarana ilay zavatra.
- Atombohy amin'ny fisarihana ny fifantohan'ilay ankizy amin'ny zavatra eo anoloany ary mihamanalavitra.
- Ovaovao ny fanondroana : amin'ny voalohany, aseho ny zavatra eo anoloany, dia ny ankaviany, ny ankavanany ary ny aoriany.
- Mahavàra amin'ny fahalianan'ny ankizy : jereo izay asehony anao ary miaraha mifaly aminy !

- ankasitraho sy ampirisiho hatrany ilay ankizy.

► **Mijery olona** : *asaina milazalaza izay ataon'ny olon-dehibe mipetraka eo anoloany ilay ankizy.

*asaina manara-maso ny fifindrafindran'ilay olona ao an'efitra ilay ankizy (miadana, dia mihahaingana kokoa, ary sady miteny no mifindrafindra toerana).

3- Mamolaka ny fifantohana iarahana amin'olon-kafa

Ny fifantohana iarahana amin'olona dia fahaiza-mampitodika ny fifantohany sy ny an'ny hafa amina zavatra iombonana.

Hita amin'ny zaza manomboka amin'ny fahasivin'ny volany izany. Kanefa amin'ny fifefitena sasany, mety tsy hisy an'io ka ilaina ny mampiasa azy.

Raha ny marina, **tsy misy fitaovana manokana** hoenti-mamolaka ny fifantohana miaraka sy ny fanondroana. Ny fahaiza-manao izay mivoatra isan'andro ary mandritra ny tontolo andro izany no hahafahana mitarika ny ankizy amin'io lalana io.

Miainga amin'izay ankafizin'ny zanakao, jereo ny manodidina anao : zavatra maro be, ny toetoetry ny manodidina, ny olona hotondroina, hojerena, hosoritsoritana... Ny tetika dia izay hahaliana an'ilay ankizy amina zavatra mahaliana anao ka hahatonga azy hanao toa anao sy hitarika ny fifantohanao mba hanondroany zavatra aminao (zavatra, fihetseham-po, fahatsapana, sns.)

Oh. : - manandrana miaraka mijery sary iray tondroin'ny olon-dehibe
- mianatra mitodika mankany amin'ilay olona miteny na maneho zavatra.



- tokony hanipy baolina mankany amin'ny zotra jeren'ilay olon-dehibe ilay ankizy

4- Mamolaka ny fanononan-teny manara-pitsipika miaraka amin'ny kisehatra, sainety (teatra hatsikana fohifohy) : ny endriky ny fitene-nana rehetra, indrindra ny tsindri-peo, ny lantom-peo, ny lanton-kira, ny ngadon-kira.



Oh. : - milalao manao kisehatra maneho feo hafahafa
 - manao feon-kira kely mahafinaritra ilay olon-dehibe dia averin' ilay ankizy izany
 - aorian'ny fihainoana feombiby ataon'ilay olon-dehibe dia mamerina izany ilay ankizy
 - mamoka feo amin'ny vava dia manandrana mamerina izany ilay ankizy
 - manisa amin'ny feo hafahafa...

5- Mamolaka ny fihainoana Mahazoa antoka fa mahavatra mihaino ilay ankizy

- Tairina ilay olona : «henoy !», «jereo !»
 - Averina ny fanampin'anarany mialoha ny hanambaràna ny torolalana

- Amin'ny fifantenana ny torolalana, izay ianao no afaka miangavy azy amin'ny zanakao hanatanteraka izany isan'andro, dia hanolotra azy fomba voajanahary hitaizaina sy hanamafisana ny fahaiza-



manaony (mipetraka, areheto ny jiro, mandehana mitady mosoara...)

- Baolina-fanampin'anarana : mitoraka amin'ny baolina ilay zaza sady manome ny fanampin' anaran'ny iray amin'ny namany manatrika eo. Misambotra an'ilay baolina izay voatonona. Anjarany indray avy eo ny milalao.

6- Mamolaka ny fifampiresahana : mianatra mamaly fanontaniana tsotra (valiny ianarana tsianjery amin'ny voalohany), miandalana, hihasarotra kokoa ny fanontaniana.

- Mianatra mamaly fanontaniana mikombona : firy taona ianao ?
 - Mianatra mamaly fanontaniana momba tena : inona no tianao hohanina ?



- Mianatra mamaly eny na tsia : tia milalao baolina kitra ve ianao ?
 - Mianatra mamaly fanontaniana misokatra : inona no sakafo maraina nohaninao ?
 - Mianatra mamaly fanontaniana an-tsafidy : alika kely sa alika lehibe ?
 - Mianatra mamaly fanontaniana ifamaliana : manao ahoana ianao ? tsara fa misaotra, ary ianao, no manao ahoana ?

- Mianatra mamaly mazava tsara amina fepetra roa
- Mianatra mifanakalo hevitra amina lohahevitra nofidina
- Mianatra manontany

7- Mampianatra fihetseham-po : haravoana, tahotra, alahelo sy hatezerana

Tonony ny fihetseham-ponao sy ny an'ilay ankizy

Tonony ny fihetseham-pon'ny zanakao, ny anao sy ny an'ny olona hafa eo ka manasongadina ny **fanehoana hetsi-po eny amin'ny endrika**. « Faly ianao. Hihinana sôkôla ianao. » na « Malahelo ianao. Tsy misy sôkôla intsony. ». Arahina fihetsika na fihetsika miteny hatrany ny fihetseham-po mba hanomezana ohatra an'ilay ankizy.

Asehoy an'ilay ankizy ny famantarana eo amin'ny vatana sy ny toe-javatra mahatonga ny fihetseham-po

Ampiana ilay ankizy **hahalala ny famantarana eo amin'ny vatana** toa ny ranomaso, ny handrina miketrana, ny endriky ny vava. **Laroy trangan-javatra** fahita isan'andro manazava ny toe-javatra mahatonga ny fihetseham-po. Ity fampiasana ity dia azo avadika amina toe-javatra maro.

Mampiasà tsikalana hita maso

Mba hanazarana azy hamantatra ny fihetseham-pon'ny hafa, mitadiavana sary fanehoana anatina gazety boky na boky ka **sokajio araka ny fihetseham-po ireo sary**. Mba hanampiana azy haneho ny fihetseham-pony, mampiasa karatra misy sary fanehoana miaraka amina **sora-tsary na smileys** izay azony tondroina araka ny hetsi-pony.

Tahafo eo anoloan'ny fitaratra ireo fihetseham-po.

Azonao atao ihany koa ny milalao **maka tahaka** ny fihetseham-po eo anoloan'ny fitaratra, tenenina hatrany ilay fihetseham-po lalao-vina. Izany dia hahafahan'ny zanakao mahafantatra bebe kokoa

ireo fihetsika miteny sy mamerina azy. Ary maka tahaka an'izany. Ny fanazarana amin'ny endrika **lalao** dia atao mba tena hampifantoka azy tokoa.

Manomeza vahana ny fifandraisana amin'ny hafa

Atoroy **lalao, fakan-tahaka fihetsika na fizarana fahalianana** amin'ny olona sy ankizy hafa eo amin'ny manodidina anareo ny zanakao. Hazavao amin'izy ireo ny toetra manokan'ny zanakao mba hahatakarany ireo ny fihetsiky ny zanakao.

Raha misy amin'ireo lalao ireo lasa mampifanohitra, ampio ny zanakao **hamahavaha sy hanadihady** ny toe-java-misy. Hazavao aminy ny fihetsika nataony, ny fihetseham-po sy ny valin'izany ka nahatonga iny tranga iny.

Resaho ny momba ny hamafin'ny fihetseham-po.

Raha vao fantatr'ilay ankizy ny fihetseham-po tsotra, azonareo **resahina aminy ny momba ny hamafiny**. Mampiasa **fandrefy hetsi-po**, miaraka amin'ny **smileys** hatrany, mba hahazoana ny hoe « somary malahelo kely na faly kely » hatramin'ny « tena malahelo be na faly be ».

Tongava miandalana amin'ny fihetseham-po sarotra sy mifampididitra.

Farany, rehefa fantatr'ilay ankizy ny fanehoana fototra (haravoana, alahelo, hatezerana, tahotra), azonareo atao ny miasa amin'ny **fanehoana sarotra kokoa** tahaka ny fahadisoam-panantenana, ny fireharehana na ny fialonana.

Tanjona : mahavita mampifanaraka sy mifehy fihetseham-po, maneho izany ihany koa amin'ny fihetsika eken'ny fiarahamonina.



MALAHELO



TEZITRA



GAGA



TIA



MANKAFY



TSY ROTOTRA



FALY



MATAHOTRA



MAHINA



MENATRA



8- Mamolaka ny fahaiza-mihaino ara-po, mampivoatra ny rijankevitra momba ny fisainana :



► Mahay hoe ahoana ny hamaliana ny fihetseham-po anatina tranga sasantsasany : raha mangatsiaka ny olona iray, noana, marary, tsy hitan'ilay olona izay hambara na hatao. Mety hoe hazavaina aminy izay hataony na hatoro azy.

► Fahaiza-manakatra ny toetra anaty amin'ny fijerena ny toetra ivelany : mamaky ny fihetsika sy fomba fiteny ary mamoka tsoakevitra ny amin'izay eritreretin'ny olona, tsapany na vinavinainy.

- Mampamantatra sary amin'ny mpianatra.
- Manaova lalao famantarana ny fihetseham-pon'ny hafa, na eo

am-piandrasana ny sakafo any amin'ny trano fisakafoana na eo am-pamadibadihana gazety boky na eo an-tokotanin-tsekoly, mety avokoa ny fotoana rehetra.

- Omeo lanja ny lalaon-tarika tsy hisiana resy, lalao iombonana, lalao ifarimbonana sy fifanampiana indraindray.
- Omeo falim-po ny ankizy manampy ny namany mba hahatsa-pany fa sady ilaina izy no mpankahery.
- Manova endrika sy fiakanjo mandritra ny lalao.
- Manao kisehatra.
- Mamantatra amin'ny fitsapana zavatra iray na maro afenina anaty kitapo na boaty.
- Manatanteraka trangam-piarahamonina samy hafa : araraotina ny fiainana andavanandro, omena vahana ny fandraisana anjara amin'ny hetsika karakaraina eny amin'ny toerana natokana ho amin'izany, omena sehatra ny trangam-piarahamonina, ...

Ny tantarana trangam-piarahamonina : Ny fitantarana trangam-piarahamonina dia **sary vitsivitsy manazava** amin'ny fomba tsotra ny **fihetsika mendrika** sy iriana ho hita misongadina na hohamafisina ao amin'ny ankizy.

9- Mamolaka ny lalao an'ohatra/lalao misary

Atomboka amin'ny lalao mampiasa fanovana endrika sy fitafy na zavatra tena misy nohakelezina. Dia ampianarina an'ilay ankizy fa azo ampiasaina ho amina zavatra hafa ny zavatra iray.

- Oh.** : - milalao amina tapa-kofehy ; 'ndeha atao hoe bibilava io. Mody atao hoe bibilava ilay kofehy ka arahina feo sy fihetsika izany.
- Manao masinina masinina kely amin'ny biriky.
 - Kisehatra amin'ny mariônety.



Tsy ialàna ny fampifanarahana napetraka satria hoe mahomby ny mpianatra : ireny fampifanarahana ireny, mazàna, no hahazoany fahombiazana ka ny fanalàna izany dia toy ny manala ny tehina fotsy eny amin'ny olona jamba satria hoe mahavita mandeha any amina toerana « saro-dalana » izy.

IREO DINGANA ARAHINA MANOLOANA NY OLANA EO AMIN'NY FIHETSIKA AMAM-PITONDRANTENA

Ireo fihetsika amam-pitondrantena toherina dia voafaritra ho toa « ireo fihetsika ara-kolom-piainana tsy ara-dalàna eo amin'ny firehetam-pihetseham-po, fiverimberenana na faharetana hany ka ny fiarovana ilay olona na ny olona hafa no mety hahiana ho tandindomin-doza tanteraka, na ireo fihetsika izay mety hametra na tsy hahafaha-manatanteraka ny raharaha mahazatra ny fiarahamonina ».

Ny fihetraketrahan-tena, fihetraketrachana ny hafa, ny fanimbanjavatra, ny fihetsika mpanakorontana tahaka ny fitsoahana ny trano, ny fibadobadoana sy ny tsy fitsaharana mitady haninkohanina, dia ohatra amina fihetsika toherina. Mametraka olana eo amin'ny manodidina izany fihetsika izany, satria manangana sakana ho amin'ny fanazara-manao. Noho izany antony izany no iantsoana azy hoe fihetsika « toherina », satria manohitra izay rehetra te hanova azy.

Ny fikorontanan'ny fihetsika amam-pitondrantena dia vokatra fa tsy toetra manokana an'ny fifefitena

FAMAKAFAKANA NY FIHETSIKA AMAM-PITONDRANTENA TSY MIFANENTANA

Mba hamahana ny olana eo amin'ny fihetsika amam-pitondrantena, ny paikady dia miompana amin'ny fitsimponana ireo singa manoritsoritra ny olana (manoritra ireo nisy taloha, ny fihetsika, ny vokany), ary fakafakaina izany.

1- Ny taloha :

- Inona no niseho nialoha ny nitrangan'ilay fihetsika tampoka ?
- Inona teo amin'ny manodidina, ny fiovana tamin'ny fanao mahazatra, aretina, sns. ?
- Eo no ho eo ve sa efa taloha kelin'izay ?
- Miharihary sa zara raha hita

2- Fihetsika amam-pitondrantena:

- Mila faritana amin'ny fomba fijery tsy momba tena sy manokana ireo fihetsika mba hampitovy ny tadin-dokangan'ny rehetra
- Tsy mifototra amina firehan-kevitra na fijery momba tena ny fihetsika amam-pitondrantena
- Tsy maintsy azo dinihina, azo refesina, azo faritana mazava ny fihetsika amam-pitondrantena

3- Vokatra :

- Inona no niseho taorian'ny nitrangan'ilay fihetsika ?
- Niha nitombo ve sa niha nalefaka ilay fihetsika vokatr'izay niseho avy eo ?
- Teo no ho eo sa tao aoriana kely
- Miharihary sa zara raha hita ?

4- Fanadihadiana ara-tsinjara asa

4-1- Manadihady : olana ho an'iza ilay fihetsika toherina ?

Mampidi-doza ho an'ilay olona

Mampidi-doza ho an'ny hafa

Ahiana hitombo

Miteraka korontana amin'ny fampianaran-javatra

Mametra ny fampiatiana anaty fiarahamonina

4-2- inona ny asany ?

Isarihana ny saina

Ahazoana zavatra/ahafahana manao zavatra izay tiany

Ihodivirana trangan-javatra

Amenoana filàna ara-pandrenea

5- Mihetsika

Avy eo, azo atao ny manangana drafitrana iray na maro manamarina ny fahombiazan'izany. Tsy mora mandrakariva ny mamantatra ny tondro mila fanovana mialoha na aorian'ilay fihetsika amam-pitondrantena misy olana mba hahafahana manafonana azy. Fa, amin'ny farany, hita ihany koa ny fototry ny olana raha toa ka dinihina sy ovaina tsirairay ireo tondro ireo.

Ny paikady misy faneriterana ara-batana dia tsy tokony hampiasaina raha tsy amin'ny fotoana tsy isiana paika hafa intsony sy amina tranga ahitana herivaikan'ny tandindon-doza ho an'ilay ankizy na ny olona manodidina azy.

TOKO 4

AHOANA NY HIRESAHANA NY MOMBA NY TOETRA MANOKAN'NY TAOVAM-PAMANTARANA SY FAHATSAPANA AN'NY OLONA MIFEFITENA

1 - Ireo taovam-pamantarana

Ny fikorontanan'ny fikirakirana ny torohay avy amin'ny taovam-pamantarana dia mety hahakasika ny fomba fandrenesana rehetra. Ny retsipamantarana tena fantatra dia :

- ny fahitana 

- ny fahenoana 

- ny fitsapana 

- ny fanamboloana 

- ny fandrenesan-tsiro. 

Misy fomba hafa tsy fantatra loatra izay mendrika ny homendanja :

- Ny fandrenesana amin'ny aty lava-tsofina (*vestibulaire*)  dia fandrenesana ny fitombina izay hahafantarana ny fipetraky ny loha sy ny fifindrana anatina erana.

- Ny fandrenesana amin'ny hozatra sy taolana ary nofotra (*proprioceptif*)  na fandrenesana lalina manoro ny toetra sy ny fipetraky vatana noho ny taova mpandray voafaritra anaty nofotra milentika lalina, ny famavany sy ny hoza-be.

- Ny fandrenesan-kirifiry  sy ny fandrenesan-kafanana (*nociception-thermoception*)  dia hahatsapana ny fangirifiriana sy ny hafanana.

Toetra manokana momba ny fandrenesana : ny torohay avy amin'ny

fandrenesana dia tsapan'ny taovam-pamantarana amin'ny fomba miavaka saingy raisiny sy kirakirain'ny atidohany amin'ny fomba tsy mahazatra.

Ny tena mateti-pitranga dia ny fandrenesana ambony be sy ambany kely.

2- Fandrenesana ambony be

Fandrenesana tafahoatra ny antonony

Amin'ny fomba somary mahatsikaiky, tian'ilay olona halefaka kokoa ny fandrisika mba hitondra valiny mifanentana. Ny fisehony : mety hiavaka amin'ny fahatahotahorana hazavana, na dia malefaka aza ; olana amin'ny tsy fahazakana tabataba ; fifidifidianana hanin-kohanina ; manana filàna amin'ny fomba fitombina tsy mahazatra.



3 - Fandrenesana iva loatra noho ny antonony/Fitadiavana fandrenesana

Tian'ilay olona ho ambony kokoa ny fandrisika, mahery kokoa mba hitondra valiny mifanentana. Ny fisehony : mety hiavaka amin'ny fitadiavana fofona mahery, fiverimberenana hiakiaka, fahambanian'ny fandrenesana marary...

Fahalianana miharihary, manelingelina ny fahazaram-pamantarana sasantsasany : faharenohana amin-javatra misangodina.

Na inona na inona karazan'ny fandrenesana (tafahoatra, ambany), izany fandraisam-pamantarana hafakely izany dia mitarika fihetsika tsy mifanentana eo amin'ny olona voan'ny fifefitena.

3.1 - Fampihenana ny fandrenesana tafahoatra

- Tolorana kaska tsy andrenesana feon-javatra (na bosoa atsentsin-tsofina) na kaska fihainoana miaraka amina hira malefaka hanaronana ny feon-javatra.
- Zaro amina feon-javatra sasantsany ny zanakareo amin'ny fampihainoana azy feo ambadika (en amont). Rehefa milalao milamina ao an-trano izy, andefaso feo avy amina tokotanin-tsekoly, ohatra. Izany dingana izany dia hanampy azy amin'ny fampihenana mian-dalana ny fandrenesana tafahoatra.
- Hetezana ny etiketin'akanjo, ialàna ny fividianana t-shirts misy sary nozairina izay ahatsapana ny zaitrany avy any anatin'ny.
- Tsy ampanaovina afa-tsy ankanjo malalaka sy malefaka izy.
- Verezana dia ilay zaza mandritra ny fanetezana ny volony (*ampijerena vidéo miaraka amina fihainoana atoho-tsofina*). Hety tsotra no ampiasaina raha toa ka manelingelina azy ny feon'ny hety mandeha herinaratra.
- Tolorana miandalana karazan-javatra kirakirain'ny tanana izy (vata fasiam-bary miaraka amina zavatra nafenina ao anatin'ny, mahandro, milalao fasika, ...).
- Fandomana moramora amin'ny totohondry ny lamosina, lalao mifanindritsindry tsy dia atao mafy loatra (amin'ny tanana).
- Omena vahana ny tositosa arahina fifamihinana mafy fa tsy fifampikasohana tsotra fotsiny. Rehefa mifanoroka dia ampifampitohofina amin'ny takolak'ilay zaza ny takolakao ary atao mipoaka mafy sy mazava ny fifanorohana.
- Tolorana solomaso aro masoandro sy kasikety.
- Alefahana ny herin'ny hazavana ao an-trano (asiana fiarovana amin'ny masoandro).
- Ao anaty fiara, takonana ny varavarankely manandrify ilay ankizy, ialao ny famakian-teny sy ny efijery.
- Misafidy mampiasa tohatra raha miohatra amin'ny solotohatra na tohatra manetsi-tena (ascenseur).

- Tambatambazana amina endrika lalao izy hisavilivily moramora miankavia miankavana na aloha sy aoriana na ambonina baolina lehibe (tsy atao mihoatra an'izay zakan'ilay ankizy).
- Mampiasa savony na savony fanasana loha tsy misy fofona.
- Tsy mihosotra ranomanitra.
- Atao araka izay azo hatao ny tsy hampamofona ny tontolo manodidina.
- Manolotra mosoara /fehitenda misy fofona tiany sy azony fofonona hanakonana ny fofona tsy tiany.

3.2 - Fandrisika ambony be ho an'ny famantarana ambany sy fikarohana fandrisika

3.2.1- Fandrisika handrenesana feo

- Mipetraka eo anoloan'ilay ankizy, mikasika azy sady manonona ny fanampin'anarany rehefa miantso azy.
- Maka tahaka feom-biby, karazam-peona fiara.
- Mampiasa kilalao *bingo* maneno ; mandre feo ilay ankizy ary hamantatra izany.
- Ngadon'amponga : avoaka ny amponga ary mifindrafindra toerana ny ankizy manaraka ny ngadon'aponga.
- Manolotra lalao.
miaraka amin-javatra manenoneno toa ny boaty asiana zavatra ao anatin'ny (oh. : tsaramaso maina, kanety...).
- Avadika ho lasa zavamaneno ny kapoaka, ny sotro hazo, ny amponga sy ny fivelesana amponga mba ho lasa mozika izany.
- Fiavian'ny feo : mikimpy ilay ankizy ary mamantatra ny fiavian'ny feo.

3.2.2- Fandrisika fitsapana



- Asaina mampiasa *fidgets*, feta fanaovan-tsary, vata misy fotsimbary/fasika, baolina kely fanala rarintsaina.
- Mba hampakarana ny fahatsapany, kosehina amin'ny borosy izy ho taitaitra.
- Tolorana zile na bodofotsy novesarina (mifanaraka amin'ny taona sy ny lanjan'ilay ankizy).
- Fonosina bodofotsy ilay ankizy ka giazana amin'iny ny vatany.
- Milalao manamboatra tarta : avoaka ny hazo fikosehana paty ary ampandriana amin'ny tany izy ka kosehina amin'iny ny vatany.

- Fenoina ny vata fasiam-bary ary anafenan-javatra ao anatin'ny. Akimpy ny maso. Mitsabaka ao anatin'ilay vata ilay ankizy mba hitady ireo zavatra.



- Mafana ny andro... avoaka ny borosy fandokoana sy ny rano. Avela handoko ny tenany amin'ny lokorano ilay ankizy.
- Hosorana raotra-tsavony fiharatana ny fitaratra ary avela hanoritra sary amin'ny rantsan-tanany eo ilay ankizy.
- Mamoriporitra, sady manipy ravin-taratasy.
- Manotra an'ilay ankizy amin'ny tananao, amin'ny baolina kely : **eo amin'ny lamosina aloha dia eo amin'ny soroka sy ny sandry ary koa eo amin'ny karandoha.**

3.2.3- Fandrisika amin'ny hitan'ny maso

- Manao tarehy ratsy eo anoloan'ny fitaratra, mamoka peninsily fanamanjana.



- Manao tapoaka... manara-maso an'ireny tapoaka ireny ilay ankizy ary manandrana misambotra izany.
- Mampiasa jiro fanao am-paosy. Afindrafindra amin'ny tany sy amin'ny rindrina ny tara-pahazavana ka manao izay hisamborana izany ilay ankizy.

- Tavoahangy mangirangirana. Fenoina zava-mangirana ny tavoahangy feno rano. Ahontsankontsana ireo ary avela hitambolimbolina ao anatin'ny tavoahangy ireo zava-mangirana.



- Avela hikodia amin'ny tany ireo baolina kely. Manandrana his-ambotra izany ilay ankizy.
- Mipetraka mifanatrika ary manipy baolina hatreo amin'ny haavon'ny maso.

3.2.4- Fandrisika ny aty lava-tsofina

- Manolotra ondana bontsinin-drivotra hahafantarana ny toerana misy ny vatana, tady matezaroritina eo amin'ny tongo-databatra.
- Manome fotoana ialan'ilay ankizy vonkina mialoha sy aorian'ny hanatontosany asa iray.
- Mampiasa baolina lehibe ary asaivo mandry miankohoka eo ilay ankizy. Akodia araka io fitoerany io ilay baolina.
- Apetraka ambony bodofotsy ilay ankizy. Tarihina ilay bodofotsy mba hikisakisahan'ilay ankizy.
- Midabodaboka, manao tsongolobatita, mitsambikimbikina ambonina fivikimbikinana mampihevotra (trampoline).
- Mampiasa antsavily any an-jaridaina. Ampandriana mihohoka ilay ankizy ary asaina maninjitra ny sandriny mankany aloha sy ny tongony mankany aoriana. Asavilivily ilay ankizy.
- Ampandriana ambony takelakodia ilay ankizy. Ampandehandehana izy amin'ny fanosehana azy avy eo amin'ny tongony.
- Ampandriana amin'ny tany ilay ankizy ary asaina mikodiadia.

3.2.5- Fandrisika amin'ny fandrenesana amin'ny hozatra sy taolana ary nofotra

- Manao broety. Mitehina amin'ny tanany ilay ankizy ary ianao mandray ny tongony mba hahafahany miroso amin'ny fampiasana ny tanany irery ihany.
- Mandritra ny fifindrafindran-toerana, maka tahaka famindrana karazam-biby (orsa na bera, fanday, foza, sns).
- Mitaona zavatra mavesatra (vata fasiana kilalao, boky, kitapo feno fasika, sns...).
- Famihimpiazana sy fisintosintonana ny famavany.
- Manao fanatanjahantena (lomano, dia maika, viki-miakatra, sns...).

3.2.6- Fandrisika ho an'ny fanamboloana

- Zarina ny hahafantarana fofona amin'ny alalan'ny zavatra fampiasa andavanandro, manao kilalao momba ny fofona.
- Mampiasa zavatra tena mahery fofona mba tsy hifantohan'ilay ankizy amin'ny fandrisika mahery fofona tsy dia tsara loatra (toa ny diky).
- Mametraka fahazarana mba hidiovana isan'andro.

3.2.7- Fandrisika fanandraman-tsiro

- Omena zavatra iambozonana ho tsakotsakoana (oh: siligaoma) na sakafo ho kepokepohina ny zaza (oh. : karoty)
- Manaova fanazarana « fanandraman-tsiro » (tsiro fototra 4 + firafijavatra isan-karazany)

Inoana fa mbola misy fandrisika maro hafa. Ny zava-dehibe dia ny mitadidy fa ireny karazana asa rehetra ireny dia tokony mandrafitra ny fandaharanasa. Izy ireny dia hahafahan'ny anki-zy manazatra ny retsipamantarany. Ny fanolorana ireny fanazarana samihafa ireny dia hahafahan'ny olona mifefitena mameno ny filàny eo amin'ny lafiny fandrenesana ary koa mampihena ny fidirantsika an-tsehatra rehefa misy ireny fihetsika amam-pitondrantena tsy mahomby ireny. Andramo hampiarina... atokiso izay tonga ao an-tsainao, aza misalasala miantso matihanina hiara-hiasa.

Ny fanohanana ilain'ireo olona mifefitena dia miovaova araka ny olona sy araka ny vanimpotoana, na ho an'ny olona iray ihany aza. Zava-dehibe tokoa ny fanohanana ny olona mifefitena mandritra ny fiainany, mba hahafahana mampivoitra izay efa ananany sy mampihena araka izay azo atao ireo sakana samy hafa mba hanomezana vahana ny fampiatiana azy ireo amin'ny lafiny fanabeazana, asa ary fiarahamonina.

IREO HETSIKA FANABEAZANA, PEDAGOJIKÀ ARY FANAMPIANA ATOLOTRA HO AN'NY OLONA MIFEFITENA



1. Fandaharanasa « TEACCH » : Fandaharanasa ankapobeny, mifototra amin'ny fandinihina voalohany ny fahalalan'ilay olona, ny fampiasana ny zavatra mahaliana azy sy izay mandrisika azy ara-boajanahary mba hahafahany mampitombo ny fahafahany mifandray amin'ny hafa, mifanerasera eo anivon'ny fiarahamonina, ny fahafahany miriaria anatin'ny tontolo misy azy. Ny mampiavaka ity fandaharanasa ity dia ny firobohan'ny ray aman-dreny sy ny olona akaiky azy afaka manao izany, ny fampiasana ny fahafahana azo avoitra toa ny tanjona voalohany eo amin'ny fandaharana voatokana ho an'ilay olona, ary tontolo iainana voarafitra mba hahafahany mianatra.

2. Ireo hetsika mifototra amin'ny Fandinihana Ampiharina amin'ny Toetra amam-pitondrantena (Applied Behavior Analysis, ABA).

Ny ABA dia mifototra amin'ny fampihenana ny fihetsika amam-

pitondran-tena tsy mahomby, ny fampitomboana ny fifandraisana, ny fianarana ary ny fihetsika amam-pitondran-tena mety eo anivon'ny fiarahamonina.

Ny tanjon'ny fotokevitr'ity fomba ity dia ny fanatsarana ny fihetsika amam-pitondran-tena eo anivon'ny fiarahamonina ary ny fampitomboana fahalalàna amin'ny alalan'ny fandinihina :

- Ny fepetra, na ny toe-javamisy nipoiran'ilay fihetsika amam-pitondran-tena : ireo no zava-nitranga tany aloha, **izay nialoha** io fihetsika amam-pitondran-tena io,
- Ny zava-nitranga tao aorian'io, teo no ho eo : ireo **ny vokatr'**ilay fihetsika amam-pitondran-tena.

Ity fandaharanasa ity dia mampihatra ny teknika fanao rehefa manao asa lalina sy maro momba ny fihetsika amam-pitondran-tena eo amin'ny lafiny fotoana. Araka izany, ny fampianarana (ifandraisan'olon-droa) atolotra ny ankizy dieny amin'ny faharoa na fahatelon'ny taonany, dia maharitra adiny fito isan'andro (40 ora isan-kerinandro) mandritra ny roa taona fara fahakeliny. Mialoha ny firosoana matotra amin'io fandaharanasa io dia manao fanandramana 3 volana aloha. Io fanandramana io dia mifantoka amina tombana miisa roa, tanterahina amin'ny alalan'ny Early Learning Measure. Amin'ny voalohany dia any an-tokantrano aloha izany no tanterahina, izay vao itarina miandalana amin'ny toeran-kafa (toeram-pianarana, hopitaly...) Mandray anjara amin'ny fanazaranana daholo ny ray aman-dreny rehetra mba hahatonga azy ireo ho tafiditra tanteraka ao anatin'ny ekipa mandray anjara amin'ny fitaizana na fanabeazana.

3. Ny fandaharanasa antsoina hoe « Denver » : (ho an'ny zaza 2 ka hatramin'ny 6 taona)

Mifantoka amin'ny fitomboan'ny fandraisam-pahalalana, ary,

indrindra indrindra, ny fahaiza-mandray ohatra na sary an-tsaina ary ny fifandraisana amin'ny alalan'ny fianarana fihetsika, marika famantarana na teny. Ny tanjona dia ny hanairana ilay zaza hampitombo ny fahaizany ka atao izay hahatonga azy hifanakalo amin'ny olona miresaka aminy amin'ny alalan'ny lalao sy amin'ny fanoomezana vahana ny zava-mahaliana azy.

4. Ny PECS (Picture Exchange Communication System) dia rafi-pifandraisana mifototra amin'ny fifanakalozana sary.

Ny PECS dia fomba iray hahafahan'ny olona iray tsy dia afa-maneho hevitra loatra hanana fifandraisana tsy mitaky fanampiana ho an'ny fiainana andavanandro. Fomba fifandraisana manitatra izy io (izay mifameno amin'ny fanehoan-kevitra am-bava efa ananana fa tsy ampy amin'ny fiainana an-davanandro, voarafitra sy/na mora azo an-tsaina) na fomba iray hafa (misolo ny fomba fanehoan-kevitra am-bava izay tsy misy mihitsy). Eo amin'ny fampiharana azy, dia ampianarina ilay olona ny fomba fisafidy sary mampiseho hetsika iray, na olona na zavatra izay tadiavina. Ampianarina azy ireo ny mampiseho ilay sary an'ilay olona ifandraisany ka hahafahany maneho hevitra. Io fomba io dia lasa fampiasa amin'ny alalan'ny klasera entina mandehandeha eny amin'ny toerana izay aleha.

5. Ny TED (Thérapie d'Echange et de développement) : paikady mamerina indray ny fihetsika andavanandro, mifototra amin'ny fifanakalozana amin'ny alalan'ny lalao eo amin'ilay zaza sy ny mpitsabo mba hampitomboana ny fahafaha-mifantoka, ny fikasana hanatantera-javatra, ny fifampikasohana, ny fifandraisana. Atolotra indrindra ho an'ny zaza mialoha ny faha-4 taonany, izany hoe amin'ny taona mampalefaka ny selan-kozatatitra ka manamora ny fampianarana indray ny atidoha hiasa.

6. Ny Makaton dia fandaharanasa manampy amin'ny fifandraisana sy ny fitenenana, ka ahitana voambolana fampiasa andavanandro mampiaraka ny teny sy ny hitan'ny maso (marika sy/na sora-tsary).

Ny marika sy ny sora-tsary dia mandravaka ny tontaliben'ny fotodrafikevitra. Izy ireo dia hahafahana mahita maso ny fiteny izay manatsara ny fahatakarana sy manamora ny fanehoan-kevitra.

Ny hamaroan'ny fotodrafikevitra dia hahafahana manome vahana haingakaingana ny fifanakalozana, ka hahafahana mahazo ny fomba fifandraisana : manome anarana, maneho fangatahana na fandavana, manoritsoritra, maneho fihetseham-po, manadihady sy manazava, mamelaberatra...

Ho famenon'ireo fomba fiasa ankapobeny ireo, dia misy ny **fiaraha-miasa amin'ny tsirairay manokana** azo atolotra mba hanamafisana ny fahombiazan'ny tantsoroka.

Ohatra :

- Fotoana hanaovana **fampianarana miteny** mba hanatsarana ny fifandraisana sy ny fiteny ;
- Fanaraha-maso ataona psikôlogy mba hanazarana ny lafiny fandraisam-pahalalana
- Tantsoroka ataona manam-pahaizana momba ny fihetsika na mpitsabo amin'ny asa ho fampivoarana ny taova rehetra mampihetsika ny retsipamantarana (psychomotricien sy érgo-thérapeute);
- Kisehatra, vondrona fanehoan-kevitra isam-batan'olona mba hianarana ny fitantanana ny fihetseham-po
- Fampiasana biby ho mpanelanelana
- Fitsaboana amin'ny alalan'ny mozika
- Fitsaboana amin'ny alalan'ny filomana an-dranomasina

- Fanaovana fanatanjahantena
- Fandaminana ny fandaharam-pianarana amin'ny alalan'ny drafi-pampianarana ho an'ny tsirairay (PEI)

Fa inoana ihany koa fa efa naheno tsilian-tsofina fomba hafa mbola tsy voatombana na eo an-dalam-panombanana koa ianareo.

Ohatra :

- **Ny maodely Saccade**
- **Ny fandaharanasa SonRise**
- **Ny PACT (Pre-schoolAutism Communication Trial) na “ny fitsaboana amin'ny alalan'ny fifandraisana ho an'ny ankizy garabola mifefitena”**
- **Ny fomba fiasa PROMPT (Restructuring Oral MuscularPhoneticTargets)**
- **Ny fomba fiasa Floortime**
- **Communication Améliorée et Alternative (CAA) : ny tanjony dia ny fanomezana vahana ny teny am-bava amin'ny alalan'ny fampiasana fomba fifandraisana maro (fihetsika, soratra, fahazoana an-tsaina)**
- **Fomba fiasa 3i**
- **Maodely SCERTS**

Ny mampiavaka ireo fomba fiasa ireo

Tsy misy tantsoroka tokana mety ho an'ny rehetra. Tsy manafoana ny FDF ny fomba fitsaboana fa mampihena kosa ireo tranga sasany, mampivoatra ny fahafaha-manao zavatra, mampivoatra ny hatsaram-piainana, ary manome vahana ny fifampitondrana eo anivon'ny fiarahamonina. Ny tantsoroka dia tokony :

- **Mialoha be araka izay tratra** : tokony atomboka dieny azo atao mba hahafahan'ilay zaza mampandroso ny fivelarany sy ny fianan-

rany zavatra ka dia mampihena izay mety ho fahasembanana tafahoatra. Ho amin'izany dia ilaina ny fitiliana mialoha be ny FDF.

- **Mifanaraka amin'ny tsirairay sady mafonja** : faritana araka ny tombana natao tam-boalohany sy mitohy momba ny fivelaran'ilay zaza mba hampifanarahana izany amin'ny filàna sy zava-manery ny tsirairay.

- **Mirindra** : mba hahafahana manamora ny fampiharana ankapobe sy ny fampitana ny zavatra nianarana ka voafehy. Ho amin'izany dia tsara raha henoina sy hentanina daholo ny olona rehetra manodidina ilay zaza (ireo matihanina, fianakaviana, olona akaiky).

- **Azo antoka** : fanatanterahana ny fanabeazana ataona vondron'olona efa voaofana sy mpiandraikitra tsy mitsahatra mifampidinika ara-potoana ary voara maso.

- **Voarafitra** : araka ireo tondro samihafa toy ny toerana, ny fotoana, ny tontolo manodidina (fandaharanasa, fiverimberenam-potoana, fiandohan'ny lahasa mahakasika ny feo...).

Ny lahasa dia mety iarahana amin'ny vondrona na atao ho an'ny tsirairay, miaraka amin'olon-kafa tratan'ny fifefitena na tsia. Mety ampifanambarana koa anefa.

TOLOKEVITRA HO AN'NY MPAMPIANATRA

- Diniho ilay ankizy ary fantaro ny filàny
- Mamorona rohy miabo : ny fampiarahana tsiroaroa (ny kendrena voalohany dia tsy tokony ho fanazara-manao fa fanorenana fifandraisana mahatoky)
- Ataovy mampihetsi-po ny feonao
- Teneno ary avereno tenina aminy amin'ny fomba mazava ny toe-java-misy
- Misafidiana fitaovana mahaliana, azo ampiasaina sy ankafizin'ilay ankizy
- Mifidiana fanamafisana voajanahary sy maro karazana
- Mahazoa antoka fa takany izay atao
- Misafidiana amina fandaharana maro karazana (teny, lalao, seha-piaramonina, fizakan-tena...)
- Manomeza lanja ny fahombiazany
- Manomeza teny na hevitra na zavatra fantany ka azony ifaharana
- Ho ana mpianatra sasantsasany, ilaina ihany koa indraindray ny mifantoka eo am-pitoerana (tanana mifamatotra, tongotra amin'ny tany, lamosina aankina tsara, vatana manakaiky ny latabatra...), ny sasany te hihetsika.

Mitondra taridalana ho an'ny ankizy mandritra ny fanatontosana

asa. Izany fanampiana izany dia tokony hihena miandalana araka ny fahafaha-manakatr'ilay ankizy :

- **An-jery** : manome famantatra hita maso hahafahan'ilay ankizy manao zavatra irery ka mampiasa saripika sy sora-tsary izy amin'izany
- **Am-bava** : manazava amin'ny fehezanteny fohy sy mazava tsara izay tokony hataony. Manome torolalana indray mandeha. « Sokafy ny rôbine », « lemo ny tanana », « raiso ny savony », sns...
- **Ara-batana** : raiso ny tanan'ilay ankizy ary ataovy aminy ny fihetsika andrasana ; raha maneho fanoherana amin'ny fifampikasohana izy, ilaina ny manome vahana ny tosika ara-batana toa izay ny taridalana ara-batana feno
- **Amin'ny fakan-tahaka** : manao fampisehoana ny zavatra izay iriana halain'ilay ankizy tahaka. Ohatra : atoro azy hoe ahoana ny fandraisana ny tanan'ny olona aseho azy
- **Taridalana ara-pihetsika** : manao zavatra mampiasa vatana mba hanomezana amin'izay tokony hataon'ilay ankizy ka isintonana ny fifantohany amin'ilay zavatra mifandraika amin'ny torolalana omena azy (manondro amin'ny rantsan-tsanana, mitsapa zavatra)
- **Taridalana mifantoka amin'ny tontolo manodidina** : ajariana ny tontolo manodidina mba hanamora ny fanatontosana (ny fitaovana ilaina ihany no atolotra ampiasaina), apetraka amina toerana mendrika kokoa noho ny toerana misy ilay ankizy ny zavatra hisafidianany (rehefa miangavy an'ilay ankizy hanondro zavatra miloko mena ianao dia apetraho eo akaikiny kokoa izany miohatra amin'ny loko hafa).

TOROHEVITRA VITSIVITSY HO AN'NY RAY AMAN-DRENY

Mahakasika ny fikorontanan'ny torimaso

- Mametraka fepetra hahazoana torimaso tsara : efitrano tony, maizimaizina, hafanana mifandraika amin'ny manodidina iainana,
- Foanana avokoa izay anton-javatra manelingelina ny torimaso tsara : fatoriana maraina, faharetan'ny fialan-tsasatra atoandro, habetsahan'ny karazan-tsakafo.
- Mampiasa ny fahazarana ho an'ny tontolo andro : fampiasambatana, fandania ny andro ivelan'ny trano, sakafo hariva maivana.
- Manangàna fanao mahazatra alohan'ny hatory : ampandoina ilay ankizy raha izay no hita fa mampitony azy, ora raikitra no hamonjena fandriana, manao akanjomandry, miborosy nify, mamaky tantara, mihaino mozika malefaka...

Mba hifehezana am-pahombiazana ny krizy dia hamaivanina ny rarintsaina

Ireo paikady voatanisa etsy ambony dia hahafahanao misoroka ary miala amin'ireo krizy maro.

- Omano dieny mialoha ny ankizy hiatrika trangan-javatra tsy fahitany : teneno sy hazavao aminy ny trangan-javatra vaovao ka mampiasa saripika/sary.
- Ataovy izay hanafoanana izay mety hanaitaitra manodidina ny zanakao, isan'izany ny feonao. Araka izany, ny fahanginana dia tena manampy ny zanakao ho tony.
- Mipetraka eo akaikiny mba hahazoanao antoka fa tsy haràtra izy.

- Omeo lanja ny fisintonana amina toerana tony sy mampila-min-tsaina toa izay fifaneraserana amin'olona, izay mety hampirongatra ny krizin'ny zanakao.
- Raha maniry hifampiresaka amin'ny zanakao ianao, mampiasa fitaovana jeren'ny maso hanaovana izany. Ohatra, aseho azy ny karazan-tsary maneho ny paikadim-pandaminana mba hanehoana aminy ny teknika fampitontiana.

Mba hisakanana ny fandositrana ny tokantrano sy ny fandehanana mirenireny

Misy amin'ireo olona mifefitena no te hitsoaka ny tokantrano na hirenireny, ary dia tsy mihevitra loatra ny loza mety hitranga. Mety hahavita zavatra amin'ny fomba tafahoatra manoloana olona na tranga vaovao ary mety hampiraiki-tahotra azy izy amin' izany...

- Mialoha ny zava-drehetra dia **ampahafantarina sy entanina ny manodidina** an'ilay ankizy mba hahatonga azy ireo ho mailo amin'ny tandindon-doza ateraky ny mety hisian'ny tran-gana fandositrana ny tokantrano.
- Tandrovana mandrakariva **ny toerana azo ivoahana** mankany ivelany (varavarana, vavahady mihidy lakile hatrany, fanalahidy tsy avela eo amin'ny hidim-baravarana, sns.).
- Fantarina **mialoha ny fihetsika mety hitera-doza** mba hana-tsaràna ny fiarovana sy ny soa ho an'ireo olona tratry ny fifefitena.
- Mba hanamoràna ny fikarohana raha sanatria ka very izy, dia azo atao ny mampitondra etikety araikitra amin'ny hafanana na zairina, misy ny fanampin'ananana sy ny laharan-telefaonina amin'ny fitafian-janakao.

- Fampiasana fitaovana hoenti-mamantatra ny toerana misy ny tena, ilay antsoina hoe **GPS** (raha misy ny fahafahana manao izany).



IREO OLO-MALAZA VOALAZA FA VOAN'NY FIFEFITENA





Ilay mpiangaly mozika, antsoina hoe Amadeus Mozart



Ilay mpikaroka, antsoina hoe Marie Curie, indroa nahazo Loka Nobel



Ireo fizisianina roalahy, antsoina hoe Isaac Newton sy Albert Einstein



Ilay mpamorona, antsoina hoe Thomas Edison (nahita voalohany ny herinaratra)



Ilay mpanao hosodoko, antsoina hoe Vincent Van Gogh

IREO OLO-MALAZA VOALAZA FA VOAN'NY FIFEFITENA



I Josef Schovanek, manana ny diplaoma amin'ny Siansa politika sy Dokotera amin'ny filôzôfia. Namoaka ny boky « Je suis à l'est ! Savant et autiste. Un témoignage unique », aux éditions Pion -France en 2012. (« Aty atsinana aho ! Safatsiroa sady mifefitena. Hany vavolombelona », ao amin'ny Edisiona Pion-France tamin'ny 2012)



Stephen Wiltshire, nantsoina hoe « The Human Camera » (ilay olombelona fakantsary), dia mahavita mamerina an-tsary an'izay topazany maso anatina minitra vitsy monja. Malaza vokatry ny famerenany an-tsary ny tanàna iray manontolo izy



Bill Gates, Ilay namorona ny Microsoft



Mark Zuckerberg, Ilay namorona ny Facebook



Ilay mpanatontosa, antsoina hoe Woody Allen